CENI Vaovao 3

**Mety tsy hisy intsony ny toa an'i Thierry Rakotonarivo**

Ny Valosoa sy hadihady 2

**Firenena miaina anaty olana hatrany**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 30 oktobra 2021 Laharana 1227 Vidiny : **400 Ar**


Andriana Robert Randrianantoandro 6

**Endrika famonoan'olona tsy tafiditra anaty soatoavina Malagasy ny ITG**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Ampasimbe RN2** 2

# Nosakantsakanana indray ny filoha Ravalomanana



**Mpanao gazety ho ao amin'ny CENI** 2

# Mbola ady ny eo amin'i Marc Antoine sy i Soava



**Nesorina ny Préfet an'i Morondava** 2

# Misy mitaky kosa ankilany ny falana ny governoran'i Menabe



**Pr Jonah Ratsimbazafy sy varika miisa 5** 7

# Noraiketina amin'ny hajian'ny Paositra ny sarin'izy ireo



**Triathlon sy lalao Asief nasiônaly** 6

**Haresaka ny any Toamasina sy Mahajanga**

**Tsipy kanetibe** 5

**Nanohana mavitrika an'ireo ekipam-pirenena malagasy ny THB**

**Daka kely**

Inona indray no lainga nafafin'ialahy tany Sava tany ry Boaikely a !

MPANAO GAZETY HO AO AMIN'NY CENI

# Mbola ady ny eo amin'i Marc Antoine sy i Soava

Manoloana ny olana eo amin'ny sehatry ny asa fanaovan-gazety amin'izao fotoana, misy ny fanambarnaa avy amin'ny Cellule de Crise ny asan-gazety eto amintsika. « Manamarina ny antompijoroan'ny Cellule de crise hatramin'izay ny zava-misy ankehitriny. Mazava izao ny sary: - niniana nasarotina araka ny lalàna napetraky ny minisiteran'ny serasera, ny fahafahan'ny mpanao gazety nirotsaka ho fidiana ho biraon'ny holafitry ny mpanao gazety (OJM). - Natao tefy maika ny latsabato, izay tsy nisy na dia mpanaramaso akory aza, mba hahafahana mametraka ny olon'izy ireo ao amin'ny Ceni, izay rafitra fantatra fa tsy tokony hiandany. -Tanteraka izao ny kajikajin'ny Minisiteran'ny serasera mametraka ny olony ao amin'ny Ceni, izay fantatra fa mpanao politila ny minisitra ary manana ny antokony. -Apetraka fa tsy olona na ireo namana mpanao gazety no olana, fa ny famelantsika ny fanapotehan'ny mpanao politika ny asantsika. -Midika zava-dehibe ny tsy faharesen-dahatry ny mpanao gazety maro manerana ny faritra, ka tsy tonga nandatsabato, na nanao vato fotsy tamin'iny latsabato nampandaniana kandida tokana nokarakarain'ny minisitera iny. Isan'izany ny teto Analamanga, Atsimo Andrefana, Matsiatra Ambony... - Andalam- pametrahana ny rafitra iray mahaleo tena hahafahana miaro ny asa fanaovan-gazety manoloana indrindra ny zava-mitranga miverimberina tahaka izao. Tsy hanavahana an'iza na iza. - Raha ny zava-misy amin'izao dia tsy azo antenaina ny hiarovan'ny holafitry ny minisitera ny fahalalahan'ny asa fanaovan- gazety. Mitohy ny hetsiky ny Cellule. Efa manatevin-daharana ny eto an-drenivohitra ny any amin'ny faritra ankehitriny... - Efa mipetraka ny tetiandro amin'ny fanomanana ny fandalovana isam-paritra ary efa mikarakara ny fandraisana izany ireo mpanao gazety namana any amin'ny faritra amin'izao fotoana izao ».

Ankoatra izany, momba an'io ho solontenan'ny mpanao gazety ao amin'ny CENI io, mbola ho ady ny eo amin'ny solontena voafidin'ny holafitra teo aloha, izay mbola ara-dalàna ny fijoroany sy ny nifidianany an'i



*Manana rijiky bebe kokoa i Marc, miohatra amin'i Soava, ny ho solontenan'ny mpanao gazety ao amin'ny CENI.*

Marc Antoine Klimchand ho solontenan'ny mpanao gazety ao amin'ny CENI, sy ny nofidian'ny holafitra napetraky ny ministera Soava Andriamarotafika. Ny holafitry ny mpisolovava dia ny solontenany nofidian'ny biraon'ny Holafitra teo aloha no ho solontenany ao amin'ny CENI, noho izany afaka miady ny haha-mpikambana azy amin'ny CENI i Marc Antoine, ny taratasy nalefan'ny CENI hanaovanaa fifidianana rahateo dia tany amin'ny biraon'ny holafitra tarihan'i Gérard Rakotonirina no nivantana. Momba ny fifidianana an'i Soava indray dia misy mampieritreritra ny voka-pifidianana, satria 30 ny vato azony, mifanojo amin'ny isan'ny mpanao gazetim-panjakana nifidy. Midika fa nisy ny baiko nidina nampandaniana an'i Soava, izay mpikambana amin'ny kabinetran'ny ministra Lalatiana koa. Tokimpanompoana an-dRajoelina nataon'ny Ministra Mamasaosy, na i Ministra Veta arak'izany ity nampandaniana an'i Soava heverina hatao ao amin'ny CENI ity.

***Nangonin'i Helisoa***

Ampasimbe RN2

# Nosakantsakanana indray ny filoha Ravalomanana

Nosakantsakanan'ny mpitandro filaminana indray omaly ny Filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara (RMDM) tamin'ny lalampirenena faha-2 (RN2) iny, raha hihazo an'i Toamasina izy, hiatrika ny fameloma-maso sy fanabeazamboho ny antoko TIM, na redynamisation an'ity antoko izay najorony ity. Tany Ampasimbe amin'ny RN2 iny no nisian'izay fanakanana ny filoha Ravalomanana sy ny delegasiona niaraka taminy izay. Fantatra tamin'ny teny izay nataon'ireo mpitandro filaminana, fa araka ny baiko izay nomen'ny lehiben'izy ireo dia tokony ho fantariny, iza avy ireo olona mpanara-dia an'i Dada tamin'izao diany hihazo ny faritra Atsinanana izao. Mitohy indray arak'izany ny antsojay sy ny sakantsakana ataon'ny fitondrana ny filohan'ny mpanohitra. Sady efa fitondrana tsy mahavoa, no mbola tsy mahazaka demokrasia ihany koa no misy eto amintsika amin' izao fotoana. Mahakasika ity fameloma-maso ny antoko TIM hatao any Toamasina renivohitry ny faritra Atsinanana anio ity, efa any an-toerana hatramin'ny afak'omaly ny sekretera jeneralin'ny antoko Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasionalin'ny antoko Jean Claude Rakotonirina, nanomana izay hetsika izay miaraka amin'ireo mpitarika ny antoko any amin' ny faritra Atsinanana.



***Niaina***

Nesorina ny Préfet an'i Morondava

# Misy mitaky kosa ankilany ny fanalana ny governoran'i Menabe

Nesorin'ny fitondranaa ny Préfet an'i Morondava, noho izay antony izay, misy mitaky koa ankilany ny fanalana ny governoran'ny faritra Menabe. Araka ny vaovao voaray, manoloana ny fanalana ny Préfet an'i Morondava dia takian'ny olona sasany any amin'ny distrikan'i Belo sur Tsiribihina koa ny hanalana ny Governoran'ny ny faritra Menabe. Manao antso amin' ny tambazotra sosialy ireo mponina sasany ao amin'ny distrikan'i Belo sur Tsiribihina, fa ataon'ny Governora ho zanak'Ikalahafa manoloana ny tetik'asan'ny faritra ny any Belo. Tsy mba misy ho an'ireo distrika 4 izay anisan'ny mandrafitra ny faritra Menabe, fa toa variana ao amin'ny distrikan'i Morondava fotsiny ny governora hoy ny fanambarana. Tsy i Morondava irery hoy izy ireo no faritra Menabe. Hatreto dia tsy misy na dia kely aza, asa vitan'ny governora any amin'ny distrikan'i Belo sur Tsiribihina. Ny lalana mampitohy an'i Morondava sy Belo dia hita fa ratsy ary misy tena hatahorana hitrangan'ny loza, nefa dia jeren-dRagôva fotsiny. Lazaina fa tsy ampy ny vola hoy ny fanambarana, nefa lanîany ao Morondava daholo ny vola. Lalana mankany amin'ny fianakaviany sy ny tranon'ny misitra no nataony goudron (lalana Andakabe ), izay marihina fa tsy be olona mampiasa akory , koa manao antso avo ny hanalana ny Governora ny faritra Menabe ireo vahoaka ao amin'ny distrikan'i Belo sur Tsiribihina. Ankoatra izany, ny solombavambahoaka izay voafidy tao Belo sur Tsiribihina koa dia variana manenjika ireo ben'ny tanàna tsy mitovy fijery sy loko politika aminy, hoy ihany ny fanambarana.

***Stefa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Firenena miaina anaty olana hatrany

Mifarana indray ity ny volana faha-folo amin'ity taona ity, izay araka izany efa madiva hifarana. Ny fiainam-pirenena ity tsy hita ho mizotra amin'ny tokony ho izy. Itrangan'olana avokoa araka ny fandinihana ny sehatra rehetra. Isan-kerinandro tsy maintsy isehoana toe-draharaha itarainana sokajin'olona samihafa eto amin'ny firenena. Fitarainana izay miseho amin'ny endriny samihafa. Tsy afak'olana ny eny amin'ny Anjerimanontolo, mivaha ny eo, tsy ela aorian'izany dia mipoitra indray ny hafa. Minia mangina ny eny amin'ny ambaratonga ambany, fa tsy hoe akory milamina ny raharaha. Ny seha-pampianarana any amin'ny ambaratonga ambany, manomboka any amin'ny garabola hatrany amin'ny kilasy famaranana, dia maro ny olana.

Ny eny amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina dia misy ny olana tsy ho voavahan'izao fitondrana izao velively mandrapaha-tapitry ny fotoam-piasany. Misoko mangina isan'andro ny fiakaran'ny vidin-javatra ilain'ny vahoaka. Izao indray ampidirina ao anaty fahatapahan-jiro mandritry ny ora maro sy andro vitsivitsy mihitsy ny vahoaka. Tsy mbola nisy fahatapahan-jiro lava toy izao hatramin'izay. Tsy fahita izao toe-javatra izao tamin'ny andron'ny filoha Marc Ravalomanana. Nanaovan-dRajoelina esoeson-teny mihitsy anefa izy tamin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra sy nidedahany, fa hainy ny tontolon'ny rianaratra na ny jiro ilaina eto amin'ity firenena ity ary voafehiny izany rehefa izy no eo amin'ny fitondrana. Iaraha-mahita tsara izao ny zava-misy. Fatiantoka lehibe ny vokatr'izany ho an'ny olom-pirenena manao seha-pihariana mifamatotra amin'ny rianaratra. Tsy misy fiheverana izany ny fitondrana sy ny orinasa Jirama, fa ny azy ihany no ambarany eo anasàny ny atidoham-bahoaka. Tsy atao hahagaga ihany koa raha hanilika ny rihitra amin'ny hafa izy.

Ny fahatapahan'ny herin-jiro maharitra dia manome vahana ny asan'ny ratsy na ny jiolahy. Tandindonindoza araka izany ny fiainam-bahoaka mandritry ny fahatapahan'ny jiro ary ao anaty fahamaizinana. Ny hain'izao fitondrana Rajoelina izao sy ny miara-dia aminy mpisolelaka azy, dia fampidinana ny mpitandro filaminana eny amin'ny arabe rehetran'Antananarivo renivohitra raha vao manambana hidina an-dalana ny mpanohitra, sy izay hanao hetsika politika. Tapahana hatramin'ny lalana mifandray amin'ny toerana hisian'ilay hetsika. Fa tsy hita izay fanapahan-kevitra raisin'ny fitondrana sy ny mpitondra filaminana rehefa amin'ny toe-javatra anjakan'ny fahamaizinana noho ny fahatapahan-jiro toy mitranga ankehitriny. Efa miseho ny voka-dratsy vao mandray fepetra hatrany. Fomba fiasan'izao fitondrana izao ny mpitsabo aorian'ny fahafatesana, sy ny "omby tondro tsy taitra, fa rehefa omby loha vao mikoropaka". Dia iaraha-mahita eo indray ny zavatra hitranga eto amin'ity firenena ity amin'ny volana ambony. Ny fiafaran'ny taona dia vao mainka hiha-hidangana ny vidin-javatra, satria toy ny isan-taona dia mitranga izany. Ho avy ihany koa ny fahavaratra maitso ahitra afaka 2 volana latsaka eo, dia ho ataon'ity fitondrana Rajoelina ity hihinan'IEM eto ny sarambabem-bahoaka.

***Sôh'son***



*Eto Morondava ihany no voalaza fa misy ny asa ataon'ny governora.*

CENI

# Voarakitra anaty boky 200 pejy ny asa nataony nandritra ny 6 taona

Oktobra 2015- oktobra 2021. 6 taona katroka izay no niantohan'ny CENI na ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny fifidianana, izay notarihin'i Me Hery Rakotomanana ny fitantanana ny fifidianana teto Madagasikara. Natolotra omaly tao amin' ny foiben-toerany tao Alarobia ny tatitry ny asa nandritra ny fe-potoampiasan'ny Birao Maharitra 2015-2021. Izany tatitra izany dia mamaly ny andininy faha 21 sy 63 ao amin'ny lalàna lf. 2015-020 tamin'ny 19 oktobra 2015. Ny voalohany dia milaza fa: "ny fe-potoampiasan'ny mpikambana ao amin'ny birao maharitry ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana dia enin-taona tsy azo havaozina", fa ny faharoa kosa dia manamafy fa "ny filohan'ny komisiona mahaleo tena misahana ny fifidianana dia tsy maintsy manao tatitra ankapobeny amin'ny fiafaran'ny fotoam-piasany". Noraiketina anaty boky ahitana pejy 200 eo ho eo ny tatitra izay natolotra, nahafahan'ny CENI namaritra ireo dingana nampivoitra ny fanavaozana rehetra izay nentina sy ny asa rehetra izay nisongadina. Taratra ao anatin'izany boky izany ihany koa ny mikasika ny lafiny arabola sy ny famakafakana ireo loharanom-bola nampiasaina nanaovana ireo tetikasa isan-tsokajiny ary namintinana ireo tolo-kevitra rehetra avy any amin'ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana sy ny CENI.

Fanavaozana

Eo amin'ny lafiny fitantanana anatiny, nametraka fitantanan-draharaha vaovao sy sampandraharaha vaovao ny CENI foibe andaniny. Ankilany kosa, talohan'ny taona 2017, voapetraka ihany koa ireo rafitra rehetra eny anivon' ny rantsamangaikany: Faritany (CEP), Faritra (CER), Distrika (CED), Kaominina (CEC) ary Fokontany (AE). Eo amin'ny fitantanana ankapoben'ny fifidianana, mba hahafahana namaha ireo olana nitranga sy namaliana ny fepetra takian'ireo mpisehatra nandritra ny fifidianana, nanomboka nanatanteraka ireo asa samihafa voafaritra ao amin'ny programan'asany ny CENI. Isan'izany, ny eo amin'ny lafiny fitandroana sy fiarovana ny latsa-bato (fanomanana ny tatitra maivana sy azo antoka, fanamafisana sy fiarovana ny biletà tokana: sonia ao ambadiky ny biletà tokana isaky ny karazana fifidianana, fanomezana isaky ny birao fandatsaham-bato ny taratasy vita pirinty mialoha izay nampiasaina nanaovana ny fitarainana rehetra). Eo amin'izay lafiny izay ihany, dia niroso tamin'ny fanatsarana ny lisi-pifidianana ny CENI indrindra ny famadihana mankany amin'ny fampiasana ny rindrambaiko "Oracle" mba hanatanterahana ny fanambiny, hoy ny fanambaran'ny CENI. Ity farany izay nanaovana fitsirihina manokana anatiny sy ivelany ny taona 2017. Mba hiantohana ny fangaraharaharana tanteraka amin'ny fizotry ny fifidianana, dia tsy nisalasala ny CENI nisokatra tamin'ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana, ka nanatanteraka fivoriana tamin'ny alàlan'ny sehatra ifampidinihina teny anivon'ny foiben-toerany sy teny anivon'ny rantsamangaikany. Toy izany koa, amin'ny lafiny fikirakirana ny voka-pifidianana vonjimaika, nanome alalana malalaka ny fampitahana ny voka-pifidianana ny CENI, ho an'ireo izay nangataka izany. Eo amin'ny lafiny foto-drafitr'asa, nahavita efitrano fiasana teny anivon'ny renivohi-paritra roa izy, ka notokanana tamin'ny fomba ofisialy izany. Ny iray tao amin'ny renivohitr'i Vakinankaratra, raha tao Alaotra Mangoro ny iray. Izany no natao dia ho fanamafisana ny fanatsarana ny zotram-pifidianana malagasy. Ankoatra izay, mamaly ny lalàna mihatra ankehitriny ity tatitra nataon'ny CENI ity, fa ihany koa, karazana fanilo hampitaina amin'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra niala sy ireo izay vao hiditra. Tamin'ny lahateny izay nataony, nandritra ireo atrik'asa natao teny anivon'ny Faritany, nandrafetana ity tatitra ity dia tsy mitsahatra ny nanamafy ny Filohan'ny CENI, fa mijanona ho tahirin-kevitra mamaritra ny zavatra tsara novolavolaina izany, na nisy aza ny sakana sy ny fahasarotana tsy maintsy natrehin'ny CENI. Noheverina ho tari-kevitra ho an'ireo mpikambana vaovao ao amin'ny Birao Maharitra sy ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana, mba hahafahany mitantanana ny zotram-pifidianana manaraka. Toy ny mahazatra,ho zaraina amin'ireo andrim-panjakana isan-tsokajiny rehefa avy natolotry ny filohan'ny CENI manontolo sy ampahibemaso izany tahirin-kevitra izany. Nampalaza ratsy ity CENI nahavita ny asany ity ny resaka doublon, na karazana hosoka tamin'ny fifidianana, noho izay antony izay moa, nametra-pialana mihitsy ny filoha lefitra iray tao aminy dia Thierry Rakotonarivo. Ny CENI vaovao vao hijoro indray, misedra olana ny ho fananganana azy noho ny olana eo amin'ny fiarahamonim-pirenena, sy ny olan'ny mpanao gazety. Ny mpanohitra dia misy ny milaza, fa tokony haverina ho dinihan'ny hery velona samy hafa eto amin'ny firenena ny ho firafitry ny CENI vaovao, mba tena hahaleotena tokoa ireo fifidianana ho avy eto amin'ny firenena.

***Niaina***

## NY TENY FIAINANA




*"Ary ny Tompo anie hanitsy làlana ny fonareo ho amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ho amin'ny faharetan'i Kristy."*

***II Tesaloniana 3:5***




## Ny Valosoa sy hadihady

### CENI Vaovao

# Mety tsy hisy intsony ny "héros" toa an'i Thierry Rakotonarivo

Niaraha-nahita ny totonondry bory nataon'ny fitondrana tamin'ny fifidianana ireo mpikambana vaovao ao amin'ny Ceni , hita izany tany amin'ny sehatra samihafa .

**NY VOAMBOLANA FAHALEOVANTENA MIHITSY NO TSY MIHATRA**

Efa hatramin'ny taona 1960 nambara fa niverenan'ny " fahaleovantena ", no nampisalasala ilay " fahaleovantena" ankalazaintsika isaky ny 26 Jona, satria toa mbola tsy afa-bela amin'ny frantsay isika, nandritra ny fotoana nitondran'ny Filoha Ravalomanana ihany no nahatsapana fa niaina tao anatin'ny fiandrianampirenena isika, fa nony tonga teo amin'ny fitondrana i Rajoelina sy ny fandrobana fahefana ary ny famotehina ireo fananana iombonana dia very tanteraka ny fanantenana, satria vao mainka nilentika ny firenena, ka ilay fahaleovantena efa nahitana mangirana dia toa zary nofinofy sisa arak'ilay soratra etsy anoloan'ny Lapan'ny tanàna.

Rehefa fotoam-pifidianana indray dia maro ireo kandida no mitonona ho" tsy miankina" na "mahaleo tena", ka raha misy amin'izy ireny rehefa voafidy dia tsy manaja intsony ny maha"mahaleo tena " na maha"tsy miankina"azy ireny rehefa tonga any andapa , fa lasa mialokaloka sy mikarama any amin'ireo antoko lehibe, ny tena mahatsikaiky dia olomboafidy miankindoha tanteraka sady tsy manana intsony ny fahaleovantenany no fahitana azy ireny.

**LANY HENATRA TANTERAKA NY FITONDRANA SY IREO SARIBAKOLINY**

Saribakoly tsotr'izao no iantsoana ireo olona atosiky ny fitondrana ho mpikambana ao amin'ny Ceni, satria samy nahitana porofo avokoa ny amboletra nampanaovin'ny fitondrana.

Tao amin'ny fifidianana izay ho solontenan'ny Holafitry ny Mpanao Gazety, dia nanaja ny lalàna ary nanome hasina ny taratasy nalefan'ny Ceni ny Holafitrin'ny Mpanao Gazety teo ambany fitarihan'ny Filoha Rakotonirina Gerard, izay tsiahivina ny voalazan'ny lalàna, fa manao ny asany ara-dalàna ny Holafitra mandrapijoron'ny birao vaovao, fa tsy hoe manao fampandehanan-draharaha fotsiny akory, noho izany dia mifanaraka amin'ny lalàna ny nahavoafidy an'i Marc Antoine mpanao gazetin'ny MaTv, marihina f'ireo nilatsaka ho fidiana dia efa nandalo teo anatrehan'ireo manam-pahalalana momba ny fifidianana.

Fa ny Holafitra notarihan'i Rasoloarison Monica, izay voafidy tamin'ny fomba sadasada dia mikiribiby koa nifidy ny solontenan'ny Holafitra tsy araka ny lalàna , ka lany tamin'izany i Soava Andriamarotafika mpanao gazetin'ny Viva sy ny Telonohorefy. Efa ela no naniran'i Soava izany hoe mba ho voafidy izany, ka izao vao tanteraka izany, i Soava no azo lazaina hoe " eternel candidat"na "kandida foana sy hatrany" tamin'ny fifidianana izay ho filohan'ny Holafitra, satria nilatsaka foana i Soava isaky ny misy fifidianana, saingy tsy lany foana koa, ka fanararaotra ny fotoana isian'ny fitondrana kitoatoa toy ny amin'izao mba hahazoana toerana, sady ny Tale Jeneralin'ny serasera rahateo ankizy ao antranony ampy tsara hanao izay hampandresy azy.

Teo amin'ny fifidianana ireo mpikambana roa hisolotena ny firaisamonimpirenena, dia mazava ny nambaran'ny firaisamonimpirenena Safidy sy Rohy, fa nisy ny fanilihana azy ireo tsy ho mpifidy sy ho fidiana, ka ireo solontena roa voafidy dia tsy afa-miala amin'ny maha saribakolin'ny fitondrana azy ireo, nametraka fitoriana tany amin'ny Filankevi-panjakana ny Rohy sy ny Safidy , ka andrasana izay ho valiny.

Tao amin'ny Antenimierampirenena indray dia mampihomehy araka ny fitenin-jatovo satria nahazo vato 118 tamin'ny mpifidy 130 ilay voafidy, ka ny 51 tamin'ireo mpifidy dia mpifidy tsy tonga teny andapa fa nanome alalana ahazoana mifidy na "vote par procuration'', nambaran'ny Maitre Hanitra Razafimanantsoa Depiote Tim, fa tsy ara-dalàna ireo "procuration", satria tsy misy sonia mazava ary ny tena nahatsikaiky dia nisy depiote Ird tonga tao andapa kanefa anisan'ireo nanome " procuration", ny dikan'izany dia feno hosoka ny fandaniana ny solontenan'ny Antenimierampirenena ao amin'ny Ceni.

Ireo mpikambana sasany izay ho tendren'ny Filohan'ny Repoblika sy Antenimierandoholona ary ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenena dia tsy ilaina asiana resaka intsony, fa dia azo antoka roanjato isanjato fa dia ho fitaovana ampiasain'ny fitondrana hanao ny hosoka amin'ny fifidianana , ka ho nofinofy sisa ny isian'ny "Heros" sahala amin'i Thierry Rakotonarivo, izay nanaja tamin'ny antsakany sy andavany ny fianianana nataony , ka nahasahy namoaka ny marina rehetra momba ny fifidianana izay nafenin'ireo saribakoly "Zero" nivadika tamin'ny fianianana nataony.

***Ny Valosoa***

## TONONKALO

# Mpitondra mifanafin-keloka

Mahagaga ity `nareo tsy sahy manova na manolo,
Na dia hita ireo ekipa f`efa lo sy bobongolo.
Misy zavatra afenina , misy tiana hokobonina,
Ka ny ratsy tsy soloina fa ihafiana sy tazonina ?

Be ireo efa tsy nahomby tamin`ny asa niandraiketany,
Saingy arovana eny foana hatramin`ny hevi-betavetany.
Tsy mivonona hifanitsy , tsy mivonona hifanoro,
ireo mpamotika , mpandrava sy naniraka hampandoro.

Misy ny efa nampitanjaka sy nahafaka baraka,
Saingy tanana eny hatrany sy vao mainka omena laka.
Faly miaraka midola, faly miara-maka sary,
Ireo voatonona ho veta sy `reo efa tsy manjary !

...Ireo namotika , nandroba sy nandoro tsisy niangana,
Ireny indray ankehitriny no indro dedaka hanangana.
Lany henatra tanteraka sa tsy manana hatolotra,
Hany ka manentsin-keloka ireto ekipan-dry bemolotra ?

***DADAN`i RIANA (30-10-21)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao


Helisoa

**Ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety nataon'ny «Cellule de crise» teny amin'ny CNPC Antanimena.**









**Ny lanonana fampahafantarana ny nandraiketana amin'ny hajia ny sarin'ny Pr Jonah Ratsimbazafy sy varika miisa 5 hitan'ny mpikaroka malagasy.**











LALAO IRAISAM-PIRENENA AMIN'NY TSIPY KANETIBE

# Nanohana mavitrika an'ireo ekipam-pirenena malagasy ny THB

Efa an-taonany maro no nanara-dia ny taranja tsipy kanetibe ny THB ary manamafy indray izany fiaraha-miasa izany, amin'ny fanohanana ny « Fédération Sport Boules Malagasy » (FSBM), sy ny ekipa nasionaly malagasy amin'ireo fifaninanana iraisam-pirenena hatrehiny. Notontosaina tamin'ny alakamisy teo, tetsy Antanimena, ny fanolorana tamin'ny fomba ôfisialy an'ireo ekipam-pirenana malagasy 4 tonta sy ny ho fandehan'ny lalao any ampitan-dranomasina any, izay hatrehin'ny Filohan'ny FSBM, ny mpisolotenan'ireo mpanazatra, mpilalao vitsivitsy ary ny solontenan'ny THB mpiara-miombon'antoka amin'ny Fsbm. Maro mpankafy sy mpilalao ny taranja tsipy kanetibe eto Madagasikara ary anisan'ny lalao hiavahan'ny Malagasy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Araka izany dia voafantina indray hiatrika lalao iraisam-pirenena roa isika amin'ny volana nôvambra ho avy izao. Miisa efatra ny ekipa hiaro ny voninahim-pirenena amin'ireo fifaninanana ireo, izay hahitana mpilalao efatra sy mpanazatra iray isaky ny ekipa. Hisy amin'izy ireo ny hiatrika ny fifaninanana fiadiana ny ho tompon-dakan'i Afrika 2021 any Burkina Faso amin'ny lalao « Sénior Homme » amin' ny 04 hatramin'ny 08 nôvambra 2021. Ary hisy ihany koa ny hiatrika ny fifaninanana fiadiana ny tompon-daka maneran-tany any Espana ho an'ny sokajy « Dame » sy « Junior » amin'ny 12 nôvambra hatramin'ny 14 nôvambra 2021, izay hifarana amin'ny lalao sokajy «Sénior Homme » ny 18 hatramin'ny 21 nôvambra 2021. Amin'ny maha lalao mampivondrona sy mampiray hina ny maro ny tsipy kanetibe dia nitondra indray ny anjara birikiny amin'ny fanohanana an'ireo ekipa nasiônaly ny THB tamin'ny alalan'ny fampitaovana azy ireo amin'ny fanamoràna ny fiatrehana ireo fifaninanana iraisam-pirenena ireo (efa nanolotra "raffraîchessement" tamin'ny fampivondronana azy ireo tao anatin'ny iray volona ny THB, mbola nanolotra "maillots" sy "survêtements" hoan'ireo mpilalao 16 sy ny mpanazatra 4 sy hanolotra kanetibe filalaovana manaraka ny tovotao iraisam-pirenena horaisin'izy ireo mivantana any Burkina Faso sy any Espagne.



*Fanoloran'ny THB fitaovana teny Antanimena.*

***Rainilita***

Handball Tompondakan'i Madagasikara senior 2021

# Tontosaina any Mahajanga ny 28 oktobra - 07 novambra

Tontosaina any Mahajanga nanomboka tamin' ny 28 oktobra 2021 lasa teo, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny 07 nôvambra 2021 izao ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2021 taranja Handball sokajy senior lahy sy vavy. Vita tamin'ny alakamisy 28 oktobra teo ny « Réunion technique » sy ny « tirages au sort des poules » tamin'izany, raha tamin'ny zoma 29 ôktôbra 2021 kosa no tena nanombohan'ny fifaninanana. Fantatra fa toy izao ny firafitr'ireo vondrona misy an'ireo ekipa mpandray anjara tsirairay avy : Sokajy vehivavy Poule A : THBC Analamanga, ASRB Boeny, Sofia Misôma. Poule B : HBCI Ihorombe, MY SAH Analamanga, HBCM Sofia. Poule C : HBCA Analamanga, AS HDM Boeny, JACHBT Haute Matsiatra. Poule D : ACF Atsimo Atsinanana, Solidaire Boeny, ASCAF Analamanga. Sokajy lehilahy Poule A : ASSM Analamanga, Sofia Misôma, HTHB Atsinanana Poule B : COSFA 1 Analamanga, AS HDM Boeny, AJESM Menab, CHBF Haute Matsiatra Poule C : COSFA 2 Analamanga, ASRB Boeny, HBCM Sofia, ASLA Diana Poule D : ASCO Atsimo Andrefana, COSPN Boeny, SMI Analamanga.



*Dinika teknika Handball tany Mahajanga.*

***Rainilita***

Rugby eny Andohatapenaka

# Lalao vehivavy no harahina anio sabotsy



*Mpanao rugby vehivavy.*

Raha efa fantatra avokoa ireo ekipana rugby sokajy federaly 1 lehilahy miisa 16, handray anjara amin'ny fifaninanana Doppel Top 20- 2021, izay handrasana amin'ny 7 novambra 2021 ho avy izao ny andro voalohany amin'izany 1/8-ndalana izany, ka ahitana ny 3Fai Vakinankaratra, Ftm Manjakaray, Tam Anosibe, Ftba Andohatapenaka, Cosfa Miaramila, Mang'Art Manjakaray, Stm Savonnerie, Tfa Anatihazo, Uscar Commune, Tfma Ankasina, 3Fb Fahasalamana, Usa Ankadifotsy, Scb Besarety, Us Ikopa, XV Fa Ampasika ary ny Jsta Ambondrona dia fifaninanana ho an'ny andriambavilanitra kosa, no harahina eny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka anio sabotsy 30 ôktôbra 2021. Fandaharan-dalao ho hita amin'izany : D-2 vehivavy 09:30-Fanja Anjanahary # Tam Anosibe. 11:00-Sabnam Sabotsy # Asut Ankatso D-1 vehivavy. 13:30-Ftm Manjakaray # Ftvl Lalamaty. 15:00-Scb Besarety # 3Fb Fahasalamana.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa




Henomby sy patsa sy ovy sy anamalaho ary angivy indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary kônkômbra miaraka aminy, vokatra ny kônkômbra amin'izao fotoana. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andranoboka any amin'ny distrikan'i Mahajanga II faritra Boeny

Ny tanànan'Andranoboka any amin'ny distrikan'i Mahajanga II faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andranoboka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'i Mahjanga II. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 13 m eo ny haavony miohatr amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny haninkotran isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka. Ny voankazo isan-karazany toy ny manga, ny mokonazy, ny voamadilo. Mampalaza an'Andranoboka ihany koa ny fananany ny zohy na ny grotte Anjohibe, izay toerana anisan'ny mahasarika mpizahatany any Mahajanga II.





« Poule des As – Champion's League Malagasy »

# Rahampitso alahady no andro fahatelo farany

Rahampitso alahady 31 ôktôbra 2021, ao amin'ny kianja "Barikadimy Stadium Toamasina", no hanatanterahana ny andro faha-3 farany amin'ity fifaninanana Champion's League Malagasy 2021 dingana "Poule des As" ity. Fandaharan-dalao amin'izany : 12:00-Fc Grand Sud Est Menabe # Fco Boeny. 14:30-Jfc Atsimo Andrefana # As Fanalamanga Alaotra Mangoro. Tamin'ny andro faha-2 notontosaina tamin'ny alarobia 27 ôktôbra 2021 lasa teo : JFC - FC Grand Sud Est FCO - AS Fanalamanga.

***Rainilita***




*« Poule des As 2021 » tany Toamasina.*

ANDRIANA ROBERT RANDRIANANTOANDRO TRANOBEN'IMERINA

# Endrika famonoan'olona tsy tafiditra anaty soatoavina Malagasy ny ITG

Hitarika hatramin'ny fiovan'ny lalàna mifehy ny ara-piarahamonina sy fifampifehezana an-tokantrano ny fandaniana ny ITG (Interruption Thérapeutique de Grossesse), na fanalanjaza eny anivon'ny Antenimierampirenena. Ankoatra izay, endrika famonoana olona izay tsy tafiditra anatin'ny soatoavina Malagasy ary fomba voapetraka ho fady hatry ny Fahagola izany, hoy ny Andriana Robert Randrianantoandro Ray amandreny ara-drazana ao amin'ny Tranoben'Imerina Ambohimanga. Maro endrika ny famonoana olona misy ankehitriny , ireo lalàna mifehy azy ireny no tokony hamafisina raha ny tokony ho izy ; ny mifanohitra amin'izany anefa no hitranga raha iniana holaniana ny lalàna manome alalana hanala zaza na inona antony na inona, hoy ny fanazavana.



Ny Andriana Robert Randrianatoandro.

**Rainilita**

Tarika Gasta 20 Taona

# Hanolotra seho ankalamanjana

Raha toa ka seho anaty rindrina efatra ary amin'ny andro alina hatrany, no nentin'ny Gasta nanamarika ny faha- 20 taona nilalaovan'izy ireo ny mozika Rap hatramin'izay, noho ny hamehana teto amin'ny firenena. Hisy ny fampisehoana ankalamanjana hatao, rahampitso alahady 31 oktobra, etsy amin'ny kianja malalaka Amborompotsy Talatamaty.

Hanambahiny kalaza

Hampiavaka ny fampisehoana, hoy Rajim, mpikambana eo anivon'ny Gasta ny nanasana ireo mpanakanto namana efa manana ny lazany sy ny toerany eo amin'ny sehatry ny mozika malagasy ankehitriny. Anisan'ny hiaka-tsehatra, eny Amborompotsy Talatamaty i Wadawadasy youngs, Marion, Johane, Tif Tif, Princy, Rumik FAMILY sy mpanakanto hafa tsy ampoizina.

Anisan'ny tsy afoizan'ireo mpankafy ny tarika Gasta hatramin'izay 20 taona nilalaovan'izy ireo ny mozika rap izay, ny tononkira mahitsy toraka (miavantambatana) nefa tsy mandratra ny isam-batan'olona. Mirakitra hafatra mafonja hatrany ihany koa ireo tononkiran'ny tarika. Ny mahasoa laroina ny mahafinaritra, araka izany, no hotovozin-tsy ritra mandritra ny « Talatamaty m'fety » anarana nasalotra ny rindran-kira hoentin'ny Gasta manohy ny fankalazana ny faha- 20 taona nilalaovan'izy ireo ny mozika rap teto an-tanàna.

**Lalasoa R.**



Ny Gasta, mbola vonona hatrany hanandratra ny Rap.

Volley-ball

# Hanomboka anio eny Itaosy ny Elites U23

Hanomboka anio sabotsy 30 ôktôbra amin'ny alalan'ny fanatontosana ny dinika teknika eny amin'ny kianja « Akany Sambatra » Itaosy, ny fifaninanana volley-ball fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2021 sokajy "Elites U 23" ary rahampitso alahady 31 ôktôbra kosa, no tena hanombohan'ny fifanintsanana hatramin'ny alatsinainy 01 nôvambra 2021. Hifindra eny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano amin'ny fanatanterahana ny dingana famaranana ny hetsika hanomboka amin'ny talata 02 nôvambra, ka tsy hifarana izany raha tsy amin'ny sabotsy 06 nôvambra 2021. Lisitr'ireo ekipa handray anjara : Zatovovavy - VBCD, SQUAD, RVB, CCVB, GNVB, ASI, COSTI Majunga. Zatovolahy - MVBC, ASSM, GNVB, ASI, COROM 5 Tuléar, EVBGA Majunga, CBVF Farafangana.



Kianja fanaovana volley eny Itaosy.

**Rainilita**

Triathlon sy lalao Asief nasiônaly

# Haresaka ny any Toamasina sy Mahajanga



Mpifaninana triathlon eto Madagasikara.

Haresaka tanteraka ny tanànan'i Toamasina sy Mahajanga hanomboka anio sabotsy 30 oktobra 2021, amin'ny fandraisana ny hetsika ara-panatanjahantena aquathlon sy triatholon ary "championnat national Asief", izay samy ho sokofana amin'ny fomba ôfisialy anio avokoa ny fanatanterahana azy. Any Toamasina dia ny fifaninanana aquathlon no hatomboka anio, fa rahampitso alahady kosa no hanatontosana ny fifaninanana triathlon. Anio sabotsy ihany koa no hosokafana ôfisialy ny fifaninanana ara-panatanjahantena ho an'ny mpiasam-panjakana, ka manodidina ny 12000 isa izy ireo, no efa any Mahajanga ankehitriny. Raha ny marina dia hiarahan'ny fanatanjahantena sy fizahantany avokoa ireo hetsika roa ireo.


**Rainilita**

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaaovao izao manaraka izao, mahakasika ny raharaham-pirenena, indrindra ny momba ny fifidianana ho avy. HANGALATRA INDRAY i RAJOELINA amin'ny fifidianana. Mbola afenina ny mpanohitra ny lisi-pifidianana, efa volomboasary daholo ny HCC, ny CENI, izay efa eo ampelatanan'ny volomboasary sisa handrasana dia hatao handresy indray i Rajoelina @ 2023. Noho izany, tsy ekena io HCC amin'izao fotoanaa izao io. Tsy ilaina ny CENI. Mila diovina sy hiarahana arahimaso ny lisi-pifididiana. Tsy ekena ny propagandy alohan'ny fotoana sady mampiasa ny fitaovana sy ny volam-panjakana, efa manao an'izany amin'izao fotoana Rajoelina, ny Praiministra ary ireo ministra ao anaty governemanta. Noho izany, izao dia efa tokony ho mailo sy hanara-maso ny zava-drehetra ny mpanohitra, sy ny rehetra leo izao fitondrana tsy mahavoa, sy tsy mahay mitantana ary tsy mijery ny laharam-pahamehan'ny vahoaka izao.

**Prosper Rakotomandimby**
**Tanamborozano, Toamasina**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Iriantsoa A.**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**

**23/10/2021 hatramin'ny 30/10/2021**

- **OCEAN INDIEN** (Soarano), tél. 034 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina), tél. 22 200 25
- **GISELE** (Ambodivorikely Anosivavaka), tél. 23 617 59
- **ANDRAVOAHANGY** (près Epi d'Or), tél. 22 245 12
- **MIARO** (Ampefiloha, immeuble Fiaro),

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1227-10-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### HETSIKA KETRIKA SY KANDRA

# Nahemotra amin'ny fotoana manaraka hoy ny mpikarakara

Mbola tsy voatondro mazava ny fotoana hanatanterahana indray ny hetsika « Ketsika sy kandra », izay saika hotontosaina ny 28 Oktobra 2021, ka hatramin'ny 30 Oktobra 2021. Nilaza Ramatoa Edith Karen Sun Raly Jean, mpandrindra ny tetik'asa Tanomafy, fa misy Ministera miisa 3 no miaraka mikarakara amin'ny fanatontosana ny hetsika « Ketrika sy kandra », miara-miasa amin'ny MED (Madagasikara Entreprise Developpement), ka ny fanehoana ny tontolon'ny asa sy ny fandraharahana ho an'ny tanora eto Madagasikara no tanjona. Nanohy fanazavana ny mpandrindra ny tetik'asa Tanomafy, fa eo am-pitadiavana daty ahafahan' ireo mpiara-miombon'antoka ireo handray anjara amin'ny fanatanterahana ny hetsika ny mpikarakara amin'izao fotoana izao ary mahatsara ny fandaminana ny fihemoran'ny fotoana, mba hahafahan'ny mpikarakara manomana zavatra tsara sy



*Ireo anisan'ny mpikarakara ny hetsika Ketrika sy Kandra.*


mahomby ho an'ny tanora. Nanamafy Ramatoa Edith Karen Raly Jean, fa tanora miisa 3000, no andrasana amin'ity hetsika « Ketrika sy kandra » ity ary fotoana iray hahafahan'ny tanora mifanakalo hevitra sy mahafantatra ny tontolon'ny fandraharahana eto Madagasikara ity hetsika ity. Ankoatra izany, nanohy fanazavana ny mpandrindra ny tetik' asa Tanomafy, fa hanofana ny tanora mba hahafehy ny fandrafetana an'ireo antotan-taratasy ilaina rehefa mitady asa ny hetsika « Ketrika sy kandra », no sady hanampy an'ireto farany hanomana « entretien » rehefa mitady asa. Nanamafy ny mpikarakara ny hetsika, fa hanampy ny tanora hiditra amin'ny sehatry ny fadraharahana amin'ny alalan'ny fanaovana « Test d'orientation » ity hetsika ity, mba hahafahan'ireto farany mahafantatra ny sehatr'asa mifanaraka amin'ny fahaizany ary fotoana iray hahafahan'ny tanora mihaino ireo fijoroana vavolombelona ataon'ireo olona efa nahita fahombiazana teo amin'ny tontolon'ny fadraharahana ity hetsika ity. Nilaza ny mpikarakara, fa mbola hampahafantarina ny be sy ny maro ny toerana sy ny fotoana hanatanterahana ny hetsika « Ketrika sy kandra » amin'ny fotoana manaraka.

***Franck Razakambelo***

### Pr Jonah Ratsimbazafy sy varika miisa 5

# Noraiketina amin'ny hajian'ny Paositra ny sarin'izy ireo

Noraiketina amin'ny hajian'ny Paositra ary hiparitaka manerana an'izao tontolo izao ny sarin'ny Pr Jonah Raatsimbazafy, sy ny sarin'ny varika na ragidro na lémurien miisa 5 hitan'ny mpikaroka Malagasy. Ny alakamisy teo no nampahafantarana izany tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Hotel Carlton Ampefiloha. Noho ny zava-bitan'ny Pr Jonah Ratsimbazafy teo amin'ny sehatry ny fikarohana nataony eo amin'ity sehatry ny varika ity no nahatonga ny Paositra Malagasy nisafidy azy natao amin'ny hajia ny sariny. Ireo varika 5 indray dia ho fampafantarana an'izao tontolo izao ireo biby mampiavaka an'i Madagasikara ireo. Pr Jonah Ratsimbazafy no mpikaroka volohany mbola velona napetraka amin'ny hajia ny sariny, eo amin'ny sehatry ny fikarohana momba ny ragidro. Izy dia filohan'ny GERP (Groupe d'Etude et de Recherche sur les Primates) eto Madagasikara ary filoha eran-tanin'ny IPS (International Primatological Society) amin'izao fotoana, izy no Malagasy voalohany mitazona izany andraikitra lehibe izany. Ao anatin'ny fanentanana amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ihany koa, no antony nanaovana ireo hajia karazany 6 vaovao ireo hoy ny ao amin'ny Paositra Malagasy.




***Aly***

## BEHARO Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 370

Tsy mahare
Nitady (miv)
Sakoroka
Eka (miv)
Ao an-tsaina
Fanao @ laoka
Eritreritra miafina (miv)
Kanto (miv)
Nirehitra
Fanentanana mandeha
Voahirana
Asiana mandeha
Mitsoka
Marika
Lapan' Andriana (miv)
Mahatazana
Poleta
Azo (miv)
Tovona
Tsofoka

**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0369)

***Mitsivalana***
- Mihainoa
- Avana (miv) - An
- Nafenina
- Valala
- Otra (miv)
- Oh
- Mandalo (miv)

***Mitsangana***
- Mankato
- Ina
- Hafatra
- Avelo
- Anay (miv) - RN
- Ilo
- Anao (miv) - OM
- Havana (miv)

## TENY MIFANAPAKA N° 370

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | |
| 2 | | | | ■ | ■ | | | ■ | | |
| 3 | | | | | | | | | | |
| 4 | | | | | ■ | | ■ | | | |
| 5 | | | | ■ | | | | | ■ | |
| 6 | | ■ | | | | | | ■ | | |
| 7 | | | | | ■ | | | | | |
| 8 | | | | | | | | ■ | | |
| 9 | | | | ■ | | | ■ | | | |
| 10 | | | ■ | | | | | | ■ | |

**Mitsivalana**

**1.** Manarama am-pahatsorana **2.** Foto-tenin'ny otazana - Aotra - Simba sy masiso (miv) **3.** Fitaovantsika **4.** Raikitra ny dia - Diky **5.** Taova - Aretina **6.** Miandraikitra fisavàna - Mialoha ny olo-masina **7.** Azo amin'ny ranomasina (miv) - Faneva (miv) **8.** Vola fanomezana - Mpanoritra **9.** Olo-masina - Heno - Endrika sy fihetsika (BR) **10.** Tsara (BL) - Volana maro

**Mitsangana**

**A.** Sezanareo **B.** Efa tranainy (miv) - Potika **D.** Mamangy **E.** Mamarana ny kilalao - Bengy **F.** Mampisafidy - Faran-teny **G.** Potehinareo **H.** Tsara sy mahafinaritra (miv) - Fifanarahana amin'ny lalàna **I.** Tontosa (BL) - Oroka **J.** Karazana aretina - Fanehoana zava-marina **K.** Tiantsika, tadiavintsika

## Valiny Teny mifanaraka 0369

**Mitsivalana**

**1.** Fiarakodia **2.** Ody - Natory **3.** Kintana - In **4.** Ora - Re **5.** Na - Lafatra **6.** Ondana - Eo **7.** Laoka - Alao **8.** OO - Irony **9.** Alehanao **10.** AS - Eo - Voay (miv)


**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B.** Idiranao **D.** Aina - Do **E.** Lakile **F.** Anaranareo **G.** Kanefa - OH **H.** Ota - Anay **I.** Do - Atelina **J.** Iry - Roa - Ao **K.** (L)ainga - Volo (miv)

**ANTSO**

**ANTSOINA ISIKA REHETRA MPANOHANA NY FILOHA RAVALOMANANA, TSY ANKANAVAKA, ETO FRANTSA, HANATRIKA NY FIHAONAN'NY PRO-RAVALOMANANA FRANCE, NY ASABOTSY 6 NOVAMBRA 2021 AO @ 21, RUE DE BEAUCE 41600 LAMOTTE BEUVRON (ORLEANS), @ 2ora TOKAK'ANDRO.**

**PRO-RAVALOMANANA FRANCE.**
**Renseignement:**
**1)Facebook: Pro Ravalomanana**
**2)E-mail: Proravalomanana@hotmail.com**







# A VENDRE

Les épisodes de la gueguerre de Lalatiana Andriantogarivo Rakotondrazafy vs La Gazette de la Grande Ile.

**Tel : 032 52 518 87**

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Andraina R.**